**AMBALAVAO** 4

# TELO MIANAKA MATY NIHOTSAHAN'NY TANY

**MARINA IZANY !** 7
**VAKY NY ADY !**

**FIRAISANKINAN'NY MANAKASY**
**HAMERINA NY "HASIM-PIHAVANANA"** 2


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7504 Taona faha-24 **Vidiny: 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 23 febroary 2023


**MIVERINA NY FAMPIANARANA SY NY FIFAMOIVOIZANA** 3

**MINISITRA VAO NOTENDRENA**



**NISESY NANOLOTRA NY FANDAHARAN'ASANY TAMIN' NY FILOHAM-PIRENENA** 7

**RIVODOZA FREDDY** 3

# OLONA 4 MATY, 16 709 IREO TRABOINA



**GAZETY VALIHA**
**Hitanao ato** 8

**NAIVO RAHOLDINA** 3

**"NY FILOHA NO TOHANOKO FA TSY NY..."**



**RAHARAHA JIRAMA** 7

# MPIASA 36 HIATRIKA FANADIHADIANA LALINA ENY AMIN'NY PAC







"Zaza mifety"

# Hanomboka amin'ny sabotsy izao

Hotanterahina manomboka ny sabotsy 25 febroary izao hatramin'ny 04 marsa ny hetsika « Zaza mifety » izay atao ao amin'ny IFM Analakely. Maro be ny zavatra nomanina ho azy ireo mandritra izay fotoana izay, eo ny fandefasana horonantsary, eo koa ny karazana atrikasa, sy ny fampisehoana maro samihafa. Miresaka ity farany, dia ny sabotsy izao no fantatra fa hanatanterahana izany ary hisy seho roa be izao amin'io fotoana io. Amin'ny 1 sy 4 marsa kosa no hisy ny fandefasana horonantsary: "chat potté 2". Anisany tena mampiavaka ity hetsika ny fisian'ilay fanaovana atrikasa satria dia ampianarina asa tanana izy ireo, hisy izao ny fampianarana manamboatra zavamaneno izay hatoro azy ireo, ny alarobia 1 marsa ihany koa izy io no tanterahana. Raha tsiahivina moa dia hetsika iray anisany vaovao be izy ity ao amin'ny IFM. Vao haingana mihitsy izany no nisy ary ny tanjona dia ny mba hanomezana sehatra ny ankizy ihany koa. Ezahana hatrany araka izany ny hitazona an'ity hetsika ity isan-taona hoy ny tompon'andraikitra mba hahafahan'ny ankizy rehetra mivelatra ihany koa. Nomarihany kosa nefa fa misy hetsika maro natokan' ny IFM ho an'ny ankizy izay mpikambana ao amin'izy ireo. Efa misy ny programa manokana ho azy ireo izay hatao isaky ny alarobia sy ny sabotsy. Azon'ny ray aman-dreny hatao tsara koa izany ny mampiditra ny ankizy ho mpikambana ao mba hisitraka izany. **Tanya.R**

Savate - Mada 2023

# Any Toliara no handray ny fifaninanana

Hotanterahana amin'ny 24-25-26 marsa any Toliara, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara 2023, ho an'ny taranja Savate Boxe Française. Tafiditra anatin' ny fanaparihana sy fampandrosoana ity taranja ity no antony, raha ny nambaran'ny teo anivon'ny federasiona. Io rahateo no tapaka nandritra ny fivoriambe fanao ara-potoana ho azy ireo, izay natao tany Antsirabe tamin'ny 21 janoary teo. Tsiahivina, saika natao tany Toliara izany saingy iny novaina tatsy Vakinankaratra iny. Ligim-paritra 9 tamin'ny 12 no tonga, niatrika izany, izay mbola resy lahatra tamin'ny tatitra ka nanome fitokisana an' ireo mpikambana hitantana ny federasiona. Anisan'ny nisongadina tamin'ny fandaharam-potoana natolotra ho an'ity taom-pilalaovana ity, ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, hatao any Yaoundé Kamerona amin'ny volana jolay. Eo ihany koa ny fiadiana ny tompondaka eran-tany ho an'ny tanora, hotanterahana any Slovenie, ny 11 hatramin'ny 16 Jona 2023. Ho an'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany eo amin'ny Combat, ho an'ny juniors sy seniors indray dia any Varazin, Croatie no hanaovana azy, ny 12 hatramin'ny 15 Jolay 2023. Ankoatra izay, hisy ihany koa ny "World Games", hatao any Arabia Saoudite amin'ny volana oktobra 2023. **Rabenaivo**

Basket - Tompondaka SBBAR 2023

# Hiditra amin'ny lalao ampahefa-dàlana ny "N1BH"

Kianja telo no handraisana ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny *Section Basket-Ball Antananarivo Renivohitra* amin'ity taom-pilalaovana 2023 ity. Hanamarika an'izany ny lalao ampahefa-dàlana amin'ny sokajy "N1B" lehilahy, izay ho tanterahina eny amin'ny kianja Toby Ratsimandrava amin'ny sabotsy maraina. Araka ny iaraha-mahafantatra moa dia sokajin-taona "U14/16/18/20" ary ny "N1B" sy ny "Vétéran" no miatrika ny fifaninanana. Tahaka izao ny fizotran'ny fandaharan-dalao amin'izany : *Sabotsy 25 febroary 2023 /Kianja Firaisana Anosisoa* : 7 ora 30 : "U14G"/ SAC # ESI (A) ; 8 ora 30 : "U18G"/ ESI # SEPA (D) ; 10 ora : "N1BD"/ Lucadro # ASSM (B) ; 11 ora 30 : "U20G"/ Lucadro # TSBB (C) ; 1 ora : "U16F"/ ACA # SAC (A) ; 2 ora 30 : "N1BD"/ Fandrefiala # JCBA (A) ; 4 ora : "N1BD"/ DBC # Akamasoa (A) – *Kianja Toby Ratsimandrava 1* : " N1BH – ¼ de Finales " / 7 ora 30 – 12 ora : AKBB # NBE – SOE # AMBB – Fandrefiala # JAP MADA – COSFA # BCR ; *Kianja Toby Ratsimandrava 2* / 7 ora 30 : "U16G"/ DTSC # Fandrefiala (A) ; 9 ora : "U18G"/ COSPN # DTSC (B) ; 10 ora 30 : "U18G"/ AMBB # CBBT (A) ; 12 ora : "U18G"/ GNBC # MMBC (C) ; *Kianja Mandroseza* / 9 ora 30 : "U16G"/ FBC # CCB (D) ; 11 ora : "U16G"/ COSFA # TACBB (B) ; 12 ora 30 : "U18G"/ MB2ALL # BFFT (A) ; 2 ora : "S.VET- H"/ FOBB # AT2B ; 3 ora 30 : "VET- D"/ ASBM # MMBC (B) – *Alahady 26 febroary 2023 / Kianja Anosisoa* : 7 ora 30 : "U16G"/ LHBBC # AKBB (C) ; 9 ora : "U20G"/ AKBB # AMBB (D) ; 10 ora 30 : "U16G"/ AMBB # SAC (A) ; 12 ora : "U16G"/ NBE # ASSM (B) ; 1 ora 30 : "N1BD"/ ASSM # BCI (B) ; 3 ora : "U20G"/ MB2ALL # BFFT (A) ; *Kianja Toby Ratsimandrava 1 sy 2* / 7 ora 30 : "N1BD"/ ASA # Fandrefiala (B) – "U16G"/ MB2ALL # GIO SAO (D) ; 9 ora : "U20G"/ AST # ASA (A) – "U16G"/ ASA # DTSC (A) ; 10 ora 30 : "U16G"/ AMBB # SAC – "U16G" / FBC # GNBC (D) ; 12 ora : "U20G"/ Fandrefiala # GNBC (B) – "U16G" / COSFA # ESI ; 1 ora 30 : "N1BD"/ ASSM # BCI (B) – "N1BD"/ Akamasoa # FBC ; 3 ora : "U20G"/ GIO SAO # LHBBC – "VET D"/ JAP MADA # CBBT. **aris rafaly**

Atleta miofana any Sina

# Mikotrana adiny enina isan'andro

Nanomboka omaly ny fanazarantena ho an'ireo atleta miofana any Sina. Mialoha izany, niatrika fitsapana avokoa izy ireo tamin'ny alatsinainy ka ho an'ny mpibata fonjamby, dia ny "Épaulé, arraché, "attraction de bras", "parallèle", "vitesse", ary ny"détente" no nasaina nataony, raha ny halavirana 60m sy 150m kosa ny an'ny atletisma. Maraina sy hariva ny fanazarantena, izay maharitra adiny enina isan' andro. Manomboka amin'ny 8ora sy sasany maraina izany ka mifarana amin'ny 2ora sy sasany tolakandro. Eo anelanelan'ny amin'ny 11ora sasany hatramin'ny 12ora antoandro kosa no misakafo ny atleta. Efa samy manana Sinoa mpampiofana avokoa moa ny isaky ny taranjam-panatanjahantena, izay tamin'ny andro voalohany dia efa hita ny fahavitrihan'ireo atleta, raha ny vaovao voaray avy amin'ny mpitarika ny delegasiona, ka antenaina fa hitondra vokatsoa izany amin'ny fiafaran'ny fiofanana. Tsiahivina, haharitra efa-bolana ny faharetan'ny fijanonan'ny delegasiona any an-toerana. **Rabenaivo**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Indraindray ny toe-javatra miverimberin-dava dia mahakivy anao raha tsy azonao ny lesona avy amin'izany tebiteby lava izany."

**Ny Vetso (07. 07. 15)**

("Sometimes in life, your situation will keep repeating itself until you learn your lesson.")

Firaisankinan'ny Manakasy

# Hamerina ny "Hasim-pihavanana"



**Ireo Raiamandreny ara-drazana hanatrika ny hetsika " Hasim-pihavanana ".**

Manao antso amin'ny mpanaraka ny finoana nentin-drazana ; mpikabary ; mpandala ny fivavahana kristiana ary ny mpino silamo ny Firaisankinan'ny Manakasy. Ity farany, izay fikambanana ivondronan' ireo Raiamandreny ara-drazana sy mpandala ny fomban-drazana avy amin' ny lafivalon'ny Nosy. Hanatanteraka hetsika lehibe hoentina hampihavanana ireo samihafa finoana izy ireo, mba hampirindra ny fiarahamonina. Koa eny amin'ny Kianja maitso Analamahitsy no hifamotoany amin'ireo voalaza etsy ambony ny sabotsy 25 febroary 2023 izao, manomboka amin'ny 8 ora maraina. Tanjon'izy ireo araka ny nambaran'Atoa Rakotondravao Sarobidy, filohan'ny Hasin'ny zazamanga sady mpikambana eo anivon'ny Firaisankinan'ny Manakasy, ny hamerina ny hasimpihavanana nisy teo amin' ny malagasy. Izany hoe "hitady ny very", satria tsy hita taratra eo anivon'ny fiarahamonina malagasy intsony ankehitriny ny fihavanana sy ny firaisankina ary indrindra ny fifanajana amin'ny samy mpiarabelona. "*Tsy fampihavanana politika io, fa fampihavanana ara-piarahamonina. Rehefa mihavana ny eny anivon'ny fiarahamonina dia milamina ny tanàna. Koa andao hihavana mba tsy hisy intsony ny fifanaratsiana eo amin'ny samy finoana. Rehefa tsy mifanaratsy mantsy dia mipetraka ny fifanajana sy ny fihavanana* », hoy ihany izy. Araka ny programa, hisy ny famelabelaran-kevitra hataon' ireo olobe ara-drazana mpandala ny fahendrena malagasy sy ireo mpanaraka ny finoana samy hafa, Ravahan'ny vakodrazana sy vakisova ary mozika be hanehoana ny kolontsaina malagasy. **Fy**


À VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY TARIKA

mahaleo



Izy ireo no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity

Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara

Rivodoza Freddy

# Olona 4 maty, 16 709 ireo traboina

Nivoaka an-dranomasina tao amin'ny faritra Atsimo Andrefana omaly tamin'ny roa ora tolak'andro ilay rivodoza Freddy. Navesatra ny takaitra navelany na dia tao anatin'ny fotoana fohy ny nandalovany teto Madagasikaera, satria raha ny tatitra vonjimaika avy amin' ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes), nivoaka omaly antoandro, dia nisy olona 4 maty. Nisy olona 4 tsy hita popoka mbola karohina. Maty andrano ny 1, tany amin'ny fokontany Ampampanambo, distrikan'i Mahanoro. Maty nianjeran'ny trano kosa ny 3, tany amin'ny fokontany Ankofika, distrikan'Ambalavao. Efa tafakatra 16 709 ireo traboina tany amin'ny faritra Amoron'i Mania, Atsimo Atsinanana, Fitovinany, Matsiatra Ambony, ary Vatovavy. Avy amin'ny tokantrano 4 103 ireto traboina ireto. Olona 8 644 avy amin'ny tokantrano 1 877 no voatery nafindra toerana amin'ny toerana fandraisana traboina 37, izay ao Vatovavy sy Fitovinany avokoa ny ankamaroany. Trano 2 276 no voalaza fa tondraky ny rano. Nisy fahasimbana ny trano 2 283 hafa raha toa ka potika tanteraka ny trano 14. Niongotra tafo ny ankamaroan'ireo trano nisy fahasimbana. Na dia efa lasa aza ilay rivodoza, dia nampitandrina ny teo anivon'ny sampandraharaha misahana ny fampahafantarana ny toetr'andro fa noho ny fikorontanan'ny toetr'andro vokatry ny alondrano nentin'i Freddy, dia mbola tsy azo atao ny miandrika manomboka eo Mananjary ka hatrany Cap Ste Marie sy Morondava.

**R. Muray**

Fampiroboroboana ny fandraharahana

# Nahetsika ireo antenimieran'ny varotra 24

Nifanome tanana amin'ny fampiroboroboana ny fandraharahana ny FCCIM na Federasionin'ny antenimieran'ny varotra sy ny indostria eto Madagasikara sy ny "Capital M Holding". Natomboka omaly tao amin'ny CCIA Antaninarenina ny fandaharanasa "Startup Chalenge M", izay hoentina manohana ireo tanora mpandraharaha na tanora manana tetikasa any amin' ny toerana misy ireo antenimieran'ny varotra sy ny indostria 24 manerana ny Nosy. Nokendren'ny roa tonta ny hanamora ny fahafahan'ireo tanora mitondra fanovana eo amin'ny fampandrosoana ny toekarena amin'ny alalan'ny tetikasany na ny orinasany. 48 ireo orinasa hotsongaina hiatrika ny fifaninanana. Hanomboka amin'ny 20 martsa ny hetsika fanentanana, ka any amin'ny faritra Alaotra Mangoro ny hanombohana izany. Ny 19 ka hatramin'ny 22 jona no hanaovana ny fifantenana ny antontantsaratasin'ireo mpifaninana. Hotanterahina ny 4 aogositra ka hatramin'ny 2 septambra ny dingana famaranana, ary amin'io 2 septambra io hahafantarana ny mpifaninana handrombaka ny amboara. Anisan'ireo tombony ho azaon'ireo tanora handray anjara ny fahafahana manatevina fahaiza-manao sy mahita lalam-bola sy lalam-barotra. Hahazo tantsoroka 15 ka hatramin'ny 36 volana ny ho mpandresy.

**R. Muray**

Minisiteran'ny fitsarana

# Tanjona ny 70 isanjaton'ny voafonja no ho voatsara

*"Efa miezaka ny fitsarana maro samihafa na ny fitsarana ambony sy ireo fitsarana ao anatin'ny fari-piadidiana manenjika ny antontanisa na "ratio condamné prévenu" satria tanjona ho an'ny Minisiteran'ny fitsarana dia ny hoe mba 70 isanjaton'ireo voafonja any an-tranomaizana no efa vita fitsarana dia ny 30 isanjato kosa no mbola miandry an'izay fotoana hitsarana azy. Raha ny fotodrafitrasa dia saika mitovy amin'izay misy manerana ny Nosy ihany izay efa somary efa ela ihany. Izay no antony nametrahan'ny Filohampirenena nametraka fonja vaovao eto Toamasina, misy ny fonjabe izay efa andalam-pahavitana amin'izao fotoana izao mba hoentina hanaparitahana ireo voafonjia ao Ambalatavoahangy amin'izao"*, hoy Rtoa Raby Savatsarah Ain'Harimanga, Sekeretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny fitsarana tamin'ny mpanao gazety tany Tomasina ny herinandro teo. Raha ny isan'ireo voafonja ao andrenivohitry ny Faritra Atsinanana dia misy 1000 mahery any ho any, hoy izy. *"Raha ny hamaroan'ny voafonja manoloana ny isa tokony ho zakan'ny fonja dia efa iaraha-mahita fa sarotra ny handainga fa toy ny fonja hafa dia miaina amin'ny isan'ny voafonja tafahoatra (surpopulation carcérale) ny fonjan'i Toamasina"*, hoy hatrany ity tompoandraikitra ity. Izany no antony nanaovana ny fonja vaovao.

**Heriniaina A.**

Rivodoza "Freddy"

# Vonona hifanohana amin'ny BNGRC ny TELMA

Teknisiana miisa 35 no nahetsiky ny orinasa TELMA, hiandraikitra ny asa fampandehanana ny tambajotrany mandritra ny fandalovan'ny rivodoza "Freddy". Ireto avy ireo toerana iasan' izy ireto dia etsy Ankazobe, Analavory, Ambatolampy, Ambositra, Belo Tsiribihina, Miandrivazo, Ikalamavony, Ambohimahasoa, Fianarantsoa, Ambalavao, Ihosy, Iarintsena, Andranovory, Moramanga, Andekaleka, Vatomandry, Mahanoro, Andavarangana, Antsenavolo, Manampatrana, Manakara. Amin'ny maha mpanohana ofisialy azy ireo ny BNGRC(Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes) sy amin'ny maha-mpandraharaha mahavita mandrakotra be indrindra ny sehatry ny fifandraisana eto amintska no antony hanaovan'ny TELMA izao hetsika izao, mba hahafahan'ny rehetra mifanerasera tsy tapaka ary hahazoana mifandray mandritra ny fandalovan'ny rivodoza. Eo ihany koa ny fanampiana ny Malagasy rehetra, indrindra ny mpitondra, amin'ny fahafahany mitantana mialoha, mandritra ary aorian'ny fandalovan' ny rivodoza izany. Miainga eo anivon'ny BNGRC avokoa moa ny asa atao. Anisan'izany ny fandefasana ny "SMS broadcast" », izay vokatry ny fampiasana ny "fibre optique" sy ireo fitaovana atolotra NTIC (smartphones, flotte…). Tsiahivina fa taorian'ny fandalovan'ny rivodoza CHENESO, ny janoary 2023, dia 2,6 tapitrisa ny "messages" nalefa tamin' ireo mponina tany amin'ny faritra tena nandalovany, ka nahafan'izy ireny niomana tsara. Nohamafisin'ny Jeneraly Elack Olivier Andriakaja, Tale jeneralin'ny BNGRC, fa ny tanjona amin'ny fiarahamiasa eo amin'ny roa tonta no hahafahana mandrindra ny hetsika tsara kokoa.

**Rabenaivo**

Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Freddy

# Miverina ny fampianarana sy ny fifamoivoizana

Namoaka fanambarana omaly maraina ny Minisiteran'ny fanabeazam-pirenena fa foana ny fanambarana miloko maitso ho an'ny faritra Analamanga ka miverina ny fampianarana rehetra eto amin'ny faripiadidiam-pampianarana 8 mandrafitra ny foibe mpitondram-paritry ny fanabazampirenena Analamanga. Ao anatin'izany ny Antananarivo Renivohitra, Atsimondrano, Avaradrano, Ambohidratrimo, Manjakandriana, Ankazobe, Anjozorobe ary Andramasina manomboka anio alakamisy 23 febroary 2023. Manomboka ny 27 febroary izao kosa ny fotoam-pialantsasatra araka ny tetiandrom-pampianarana ary afaka tanterahina mandritra io fotoana io ihany koa ny "séance de rattrapage". Misy ihany anefa ny toerana nitondra faisana ka tsy hahafahan'ny mpianatra mbola manohy ny fianarana noho ny fahasimban'ny fotodrafitrasa. Araka ny tatitra voaray mantsy, efitrano fianarana 70 no potika any amin'ny faritra Vatovavy. Nanome trano lay 200 hampiasaina ho efitrano fianarana vonjimaika ny Unicef.

Mikasika ny fifamoivoizana an-tanety kosa, efa miverina amin'ny laoniny ny fifamoivoizana amin'ny lalam-pirenena faharoa, lalana mihazo an'i Vatomandry sy Mahanoro, Fianarantsoa Ambositra Antananario, Toliara, Ihosy ary Morondava. Anisan'ny nitondra faisana tamin'ny fandalovan'i Freddy kosa ny RNT 46 any amin'ny distrikan'i Manandriana eo amin'ny tetezana Amboay. Efa misy ekipan'ny asa vaventy kosa mijery ny fahasimbana satria tsy tokony hitoka-monina izany distrika izany.

**Nath**

Naivo Raholdina

# "Ny Filoha no tohanako fa tsy ny Praiminisitra sy Minisitra"

Taorian'ny fanendrena ireo Minisitra valo vaovao natao ny alatsinainy teo dia nisy tamin'ireo Solombavambahoaka no naneho hevitra mikasika ny zava-misy eto amin'ny firenena. *"Ny Filoha Andry Nirina Rajoelina no tohanako, fa izaho tsy manohana: ny Praiminisitra sy Minisitra n'iza n'iza fa izay toromariky ny Filoham-pirenena ihany no arahiko satria izy no tohanako nanomboka tamin'ny taona 2009. Ny tiako hambara dia izaho tsy mijery an'izay Governemanta izany intsony izao na iza apetrany eo na iza, na iza ataony eo. Tsy misy intsony ny fifampitokisana eto fa na samy Depiote ato aza izahay dia tsy matoky intsony aho ary izaho tsy hanonona anarana namana. Solombavambahoaka nifosafosa an'io Goveremanta io amin'izao no misolelaka any indray. Raha mifankahita ary izahay tsy mifampiarahaba"*, hoy ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina tamin'ny mpanao gazety. Nomarihan'ity Solombavambahoaka izay mpitarika ny TGV ao amin'ny Boriboritany faha-V ity fa *" mbola misy Minisitra efatra tsy atokisako amin'io Governemanta io ary tokony esorina". "Tsy hanao Filohampirenena mandrapahafatiko aho fa manohana ny Filoha Andry Rajoelina hatrany. Ny Filoha no mahafantatra ny olona izay atokisany eo"*, hoy hatrany ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina. Hanao fihaonambe ato ho ato ny TGV-n'ny Boriboritany faha-V dia ka hampiseho amin'ireo Minisitra ireo ity farany fa mbola any amin'ny volomboasary ny hery.

**HAR**


# PETITES ANNONCES *Gazetiko*

## MIVIDY

* MM Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-18)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kilalao, vy, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 470/10-9)

* Lamba, kiraro, fanaka, kojan-dakozia, bisikileta, cahier, TV, debara. MM. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 475/10-7)

* Fanaka, debara, frigo, boky, TV, kiraro, vy, kilalao. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 486/10-1)

## COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 478/5-5)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-5)

## FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-5)

## SERVICE

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 483/7-3)

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 487/6-1)

## VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, puisard, réparation, réhabilitation. Tél : 038.42.629.39 / 033.15.941.80. (G-BA 476/20-6)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 033.03.487.21. (G-BA 481/10-5)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-5)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.42.941.37. (G-BA 484/10-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-1)

Ambalavao

# Olona telo mianaka maty nihotsahan'ny tany

Olona telo no maty nihotsahan'ny tany omaly tokony ho tamin'ny 8 ora latsaka fahefany maraina, tany amin'ny fokontany Ankofika any amin'ny distrikan'Ambalavao Tsienimparihy. Fianakaviana iray ihany izy ireo izay nahitana ramatoa lehibe iray 70 taona sy ny zanany lahy 32 taona ary ny zafikeliny izay 12 taona. Tsy nanampo na inona na inona izy mianakavy ireto fa izy ireo tao an-trano no nianjera tampoka ny tranon'izy ireo ka tototry ny tany tao izy ireo. Vantany vao nahita izany ny fokonolona tany an-toerana dia niezaka nitady ireto olona tototra tao anaty tany tao. Rehefa nahafantatra ny zava-niseho ihany koa ny manampahefana isan-tsokajiny tany an-toerana dia nandeha nidina ifotony nanampy tamin'ny famonjena sy fisokirina ireo telo mianaka tao. Araka ny vaovao dia 40 minitra taorian'ny nikarohana azy ireo tao anaty tany no tafavoaka ireto farany ary nentina haingana namonjy hopitaly saingy efa tsy nisy aina intsony izy ireo no tonga tany.

### Trano efa tranainy

Araka ny fanazavana dia trano efa tranainy ity nirodana ka nitarika fahafatesana ho azy telo mianaka tao anatiny nandritra ny fotoana nitrangan'ny loza. Araka ny vaovao hatrany dia efa nampiomanin'ny tomponandraikitra ihany izy mianakavy ireto ary efa tsy matory ao izy ireo mandritra ny alina. Niverina tao antrano nikarakara sakafo kosa anefa izy ireo rehefa maraina ny andro. Tao ambony rihana izy telo mianaka tamin'io ka nandritra izany no nirodana tampoka ilay trano ka niharan-doza tao izy ireo.

T.H

Foloalindahy

# Mifamotika noho ny ady seza ireo tomponandraikitra ambony

Misy ny horonam-peo miparitaka anay anaty "facebook" antso an-tariby izay voalaza fa feon'ny jeneraly «Lylison René" governoran'ny faritra Sofia. Raha nofakafakaina ny zava-misy dia fomba entina hanalana baraka an'ity olom-boatendry ity ny tranga na dia efa nisy aza ny fanendrena governemanta farany teo. Ity farany izay nalaza fa hatao Sekreteram-panjakana miandidy ny zandarimariampirenena. Mbola honohono ihany ilay izy ary kajy politika natao hamotehana azy ka ireo samy mpitandro filaminana ihany no mifamely, entina hanozongozonana izao fitondram-panjakana izao. Marihina fa ity jeneraly Lylison ity dia fantatra ny maro fa olon'izao fitondrana ankehitriny izao. Tsy zoviana intsony ny tantara fa efa ny taona 2009 izy no nalaza fa mpanaradia ny antoko politika "TGV". Atao araka izany ny haniliana azy satria tsara ny




**Misy ny feo mandeha fa niady seza ho "SEG" ny jeneraly "Lylison René".**

mampatsiahy fa tsy mbola niala na namadika palitao ity jeneraly ity fa nanohana hatrany an'i Andry Rajoelina. Inoana fa tsy hiala amin'ny filoha velively izy fa efa mpanara-dia azy hatramin'ny taona 2009.

### Raharaham-pirenena

Mbola kolonely ny « Lylson René de Rolland » no lehiben'ny « FIS » ary izy no nitarika miaramila niditra teny Fort Duschène. Saika nafoiny mihitsy ny ainy fa ilay miaramila antsoina hoe « Chef Ramaroson » na i vazaha no voatifitra izay anisany lavon'ny bala tamin'izany fotoana izany ary voasokajy ho mahery fon'ny firenena ka nahazoan' izao fitondrana izao toerana. Mpiara mitolona ny jeneraly Lylson saingy anisany mahavariana raha izy indray no tadiavin'ireo mpoanao politika namany hailika. Ady seza hatrany no fehiny satria olon'ny filoha Rajoelina ity farany ary anisany manamboninahitra jeneraly manana ny fahaizamanao sy ny traikefa ihany koa. Raha ny fikarohana natao dia betsaka ny fiofanana efa nataon'ity farany na teto an-toerana na tany ivelany. Fehiny dia politika maloto no misy eto Madagasikara raha ny zavatra hita sy niseho tato ho ato. Ankoatra ny famoahana ny tsiambaran-telon'ny samy mpitondra eny anivon'ny tambajotra dia ahiana hiteraka fifandrafiana eo amin'ny samy tomponandraikitra ambony ny raharaha misy eto.

Ariel D.

Ivato

# Toerana fivarotana sy fidorohana rongony sarona

Saron'ny polisy misahana ny ady amin'ny zavamahadomelina Anosy teny amin'ny faritra Ivato ny toerana fivarotana sy fidorohana rongony ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 8 ora maraina. Lehilahy telo no voasambotra tamin' izany. Fonosan-drongony 32 isa no tratra nandritra ny fisavana. Nahazo loharanom-baovao ny polisy mikasika ny fisian'ny olona mivarotra rongony eny amin'io toerana voalaza etsy ambony io, ary ao ihany koa no hifohan'ireo mpanjifany rongony. Nidina teny an-toerana ireo mpitandro filaminana nanamarina ny zava-niseho sy nanao fanaraha-maso ka dia voasambotra tao izy telo lahy ireo, izay lehilahy 21 taona mpivarotra rongony ary io mbola nahatratrarana fonosana rongony maro io tao aminy. Ny roa lahy 23 taona sy 36 taona kosa mpifoka rongony. Nentina natao famotorana tany amin'ny biraon'ny polisy ry zalahy taorian'izay ka nandritra ny famotorana natao an'ilay mpivarotra rongony no nilazany fa apetrak'olona ao aminy ireo rongony ireo ary mikarama 10000 ariary izy mivarotra izany rehefa mahalafo ireo entana amidiny. Iray volana izay no nolazainy fa nikaramany nivarotra rongony. Efa telo volana nifohana rongony kosa ireo roa lahy hafa ireo.

T.H

Ambohipo

# Lehilahy nofirain'ny mpanendaka tamin'ny antsy

Lehilahy iray no lasibatry ny asa ratsin'ireo mpanendaka teny Ambohipo afakomaly tokony ho tamin'ny 9 ora. Sady voaendaka izy no voafira antsy teo amin'ny tanany. Araka ny fanazavana azo, nandeha an-tongotra teny an-dalana ity lehilahy ity no nifanehatra tamin'ireo roa lahy nitondra antsy lava iray. Nisy finday nentin'ity lehilahy ity ka iny no nokendren'ireo olon-dratsy halaina. Nosakanan-dry zalahy teny an-dalana izy ka avy dia nosintonin'izy ireo ilay finday teny an-tanany no sady nasiany tamin'ilay antsy ilay nitazona finday. Naratra vokatr'izany ny tanan-dralehilahy. Ny zavatra tsy nampoizin'ireo mpanendaka anefa dia nisy polisy avy ao amin'ny boriborintany faharoa eny Ambohijatovo manao fisafoana mandeha an-tongotra teny an-toerana nahatazana ny zava-niseho. Nandray ny andraikiny izy ireo ka nisambotra avy hatrany an'ireto roa lahy ireto. Mbola tratra teny amin-dry zalahy ilay antsy lava nampiasainy nandritra ny nanaovany ny asa ratsy. Nentina tany amin'ny biraon'ny polisy nofotorana ry zalahy taorian'ny fisamborana. Fantatra fa jiolahy efa malaza ratsy amin'ny fanendahana eny amin'ny faritra Ambohipo sy ny manodidina iny ry zalahy ireo, izay 18 taona sy 27 taona. Araka ny fantatra hatrany dia mpivaro-kena no asa fanaon' izy ireo dia izao tratra manendaka izao.

T.H

## Tatsy sy taroa

***#Vazaha iray no niharan'ny fanafihana tao anaty hotely iray tao amin'ny fokontany Vinanivao distrikan'i Antalaha, omaly.*** Lasan'ireo olon-dratsy tamin'izany ny finday sy solosaina entin-tanana ry vola 800 00 ariary. Nosokirin'ireo jiolahy ny falafa tao amin'ilay hotely ka teo no nahafahany niditra. Mamo tampona rahateo ilay vazaha ka tsy nahare na inona inona. Efa nampandrenesina ny zandary ary mitohy ny fikarohana sy ny fanadihadiana.

***#Lehilahy iray mpangalatra kisoa no maty novonoin'ny fokonolona tao Ambarinanahary Fokontany Ambatolampy, Distrikan'i Tsiroanomandidy,omaly tolakandro tokony tamin'ny 4 ora tany ho any.*** Tsy tratran'ny mpitandro filaminana intsony ny tranga ka matin'ny vono sy ny daroka ilay olon-dratsy.

***#Raha araka ny tatitra voaray avy amin'ireo mpitandro filaminana niatrika ny fandalovan'ny rivodoza Freddy teny an-kianja tao amin'ny Distrikan'ny Manakara, Vohipeno ary Ikongo dia vitsy ny fahasimbana sy ny faharavana raha oharina tamin'ny vinavina natao.*** Ny famindrana ireo olona ho amin'ny toerana iombonana izay iandraiketan'ny miaramila sy ny mpitandro filaminana ny fiarovana azy ireny.

Ariel D.

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 952 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Fanamboarana dibera amin'ny voanio

**Zavatra ilaina** : rano roa kaopy, voanio voakiky tapakaopy, lafarinina roa sotro lehibe, asiana sira kely.

**Fomba fikarakarana azy** : Afangaro daholo izy rehetra ireo, dia ranoina amin'ny "mixer". Andrahoina dimy minitra ambony afo, dia haroharoina tsy mijanona. Alohan'ny hanosorana azy amin'ny mofo, dia avela hangatsiaka aloha.

## Manal azy de mimeme



## TENY MIAFINA N°478

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsipiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika. *Vakiana tsotra ny valiny.*

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| P | E | L | F | J | F | L | T | R | I |
| R | G | I | E | H | J | Y | J | I | G |
| E | O | N | A | T | N | H | S | E | I |
| R | F | M | T | E | E | T | K | N | A |
| J | D | Z | A | T | R | H | O | L | K |
| N | A | F | E | F | B | Y | B | A | N |
| J | D | Z | M | H | I | A | O | L | K |
| D | F | V | D | B | M | J | K | N | B |
| K | O | K | M | J | T | B | S | B | T |
| P | E | V | Z | Y | M | J | T | R | ■ |

07 litera

**Val in'ny teny miafina 477 : SOARA**

### VALIN'NY Kakuro 477

| | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 6 | 1 | 3 | | 1 | 8 | | 7 | 2 | 1 |
| 8 | 7 | 5 | 9 | 1 | 2 | 6 | | 9 | 8 | 3 |
| | 8 | 2 | | 8 | 7 | 9 | 6 | 4 | 1 | |
| 8 | 9 | 6 | 2 | 7 | 4 | | 9 | 8 | 5 | 6 |
| 2 | 5 | 3 | 1 | | 8 | 1 | 2 | | 3 | 1 |
| | | 8 | 6 | 7 | 9 | 3 | | 9 | 4 | 2 |
| 6 | 2 | 4 | 3 | 1 | | 4 | 9 | 8 | 6 | 7 |
| 8 | 5 | 9 | 4 | 2 | 1 | | 2 | 1 | | |
| 9 | 1 | | 7 | 9 | 6 | 8 | 5 | 4 | 1 | 2 |
| | | 2 | 5 | 8 | 3 | 4 | 1 | | 7 | 9 |
| 7 | 4 | 8 | 9 | | 8 | 9 | 7 | 5 | 4 | 6 |
| 2 | 1 | 7 | | 5 | 4 | 7 | | 1 | 2 | 7 |
| 8 | 2 | 9 | | 1 | 2 | 6 | | 9 | 3 | 8 |

### VALIN'NY TENY MIRANDRANA lah. 7503

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| • | V | O | A | S | A | S | A | • | • |
| • | I | • | • | A | T | • | • | • | S |
| A | N | O | L | O | R | A | N | A | I |
| • | T | S | A | K | I | N | I | • | O |
| T | A | I | Z | A | K | O | • | • | S |
| O | N | • | • | N | A | M | E | L | I |
| N | A | N | I | A | • | A | N | A | O |
| T | R | A | T | R | A | N | I | • | • |
| A | E | • | S | E | F | O | N | A | I |
| • | O | • | I | O | • | • | A | • | • |

## HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro ny tiany ho lazaina.




Valin'ny lalao omaly
MISY MARIKA TENA AHAFANTARAKO AZY

## TENY MIDINA

1- Matsiro
2- Tsy sahy intsony
3- Fikapana
4- Filanjana
5- Vidin'entana




Valin'ny TENY MIDINA omaly

1- NY
2- ANY
3- ANAY
4- TIANA
5- MITANA

## LALAO : TELOMIOVA

Tsipiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misompirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, **atambaro dia ho hitanao ny valiny**

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| B | A | N | I | H | I | N | I | D | A |
| M | V | N | I | N | N | N | N | N | N |
| O | O | E | D | A | A | A | A | A | A |
| A | A | L | L | R | N | S | N | O | T |
| N | R | O | O | I | O | D | T | T | I |
| I | O | T | R | L | R | A | A | N | N |
| O | A | A | O | A | O | A | N | N | A |
| F | K | V | V | T | K | K | N | I | I |
| A | A | A | I | L | A | M | B | O | O |
| T | T | K | A | D | R | M | N | I | A |

DIVAI, MOLOLO, LAMBO, ANTSANI, MATOTRA, TAFOINA, FATORANI, ANDRANI, NANDRAVA, NIANDANI, NANOROKA, NANIRAKA, KITOATOA, ANATINAI, VOAROAKA, VOLOSANA, VELIRANO, DINIHINA

Valin'ny lalao omaly : - HERINAO - TAVY

## NY TONONANDRONAO ANIO ALAKAMISY 23 FEBROARY 2023

*Asorotany 15 avrily-14 mey*
Misy olona halahelovanao mafy anio

*Alahasaty 15 mey-12 jona*
Asa : Misy mpiara-miasa vaovao hanintona anao
Fitiavana : Antsoy ilay olona tsy ampy aminao

*Asombola 13 jona-11 jolay*
Asa : Misy olâna madinidinika mampiasa ny sainao
Fitiavana : Misy tetik'asa mano-kana tsy maintsy ampiandrasana

*Adimizana 12 jolay-10 aogositra*
Asa: Misy tsy fihetezana ara-teknika ny asa anio
Fitiavana : Miova ny toe-draha-raha fa mahafaly anao foana izany

*Alakarabo 11 Aogositra-8 Septambra*
Asa : Maro ny ezaka tokony hotanterahinao
Fitiavana : Afaka mametraka fitiavana tsara ianao

*Alakaosy 9 septambra-8 oktobra*
Asa: Tsy ampoizina ny fandehan-javatra anio
Fitiavana: Mety aminao ny eritreritra ara-filozofika

*Adijady 9 oktobra-7 novambra*
Asa: Mitandrina ny lazana ianao
Fitiavana: Misy zavatra teo amin' ny lasa tsy maintsy alaminao

*Adalo 8 novambra-6 desambra*
Asa: Misy fahamarinana tsy maintsy fantatrao anio
Fitiavana: Mila mijery izay zavatra mahafaly anao ianao anio

*Alohotsy 7 desambra-15 janoary*
Asa : Ny fandaminana ny zava-dehibe
Fitiavana : Manome tsiny anao ny manodidina noho ny fitiavan-tenanao

*Alahamady 16 janoary-14 febroary*
Be asa be mihitsy amin'ity faran'ny herinandro ity, aza mikorapaka anefa fa ho vitanao avokoa izany.

*Adaoro 15 febroary-15 marsa*
Hiova ny fiainanao koa ampiasao ny tsiky fa hanova ny fiainanao izany.

*Adizaoza 15 marsa-14 avrily*
Asa: Tianao raha atao ohatra ianao ao am-piasana
Fitiavana: Ny andraikitrao no hojerena akaiky anio

## TONDRO-TENY

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | |
| | Manatanteraka<br>Mamofona tsara<br>Tenona(mv) | | | | |
| | | | | | |
| | | Nanantena(br)<br>Nanesotra<br>Fitotoana(mv) | | | |
| | | | | Ravo<br>Vazana(br)<br>Jabora | |
| | | | Fatra feno<br>Ingoa<br>Tsy tonta | | Aoriana(mv)<br>Mahantra(br)<br>Tafy(bl) |
| | | | | | |

### Valin'ny tondro-teny omaly

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| M | A | N | E | F | A |
| A | • | I | R | A | R |
| N | A | N | A | L | A |
| I | N | • | N | I | F |
| T | A | V | I | • | A |
| R | O | A | • | O | • |
| A | L | O | T | R | A |

## DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo.
Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. ***Fito*** izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



J.2569 A



J.2569 B

## TENY MIRANDRANA LAHARANA 7504

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

ATSI, ENINA, IRONI, MISI, TOMADI, ISIKA, OLONA, ANGADI, IRETSI, NOMENAO, TAOMINA, ANARANI, ARARAOTI, ADINONAI, NITERAKA, RASARASAO, NIDARABOKA, MAMISAVISA

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | ■ | ■ |
| | | | | | ■ | ■ | | | ■ |
| | | | | | | | | | |
| | ■ | | | | | | | | ■ |
| | | | | | | | | | |
| | | | ■ | | | ■ | | | |
| | | ■ | | | | ■ | | ■ | |
| ■ | | ■ | | | | | | | |
| ■ | | ■ | | | | ■ | ■ | ■ | |
| | | | | ■ | | | | | |

## KAKURO 478

| | 13 | 41 | 10 | 18 | | 32 | 34 | | 23 | 45 | 3 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 10 | | | | | 15\8 | | | 16 | | | |
| 39 | | | | | | | | 24\11 | | | |
| 3 | | 2 | 12\38 | | | | | | | | 7 |
| | 12\23 | | | | 37\9 | | | | 13\4 | | |
| 8 | | | | 26\33 | | | | | | | |
| 29 | | | | | | | 21\28 | | | | |
| 7 | | | 29\42 | | | | | | | | 10 |
| | 16 | 16\10 | | | | 15\4 | | | 10\5 | | |
| 36 | | | | | | | | 27\18 | | | |
| 21 | | | | 10\20 | | | | | | 8 | 21 |
| | 12\19 | | | | | | 9\29 | | | | |
| 44 | | | | | | | | | 10 | | |
| 30 | | | | | 10 | | | | 5 | | |

Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray.
*Efa misy toro-dalàna napetraka ahafahana manomboka ny lalao.*

## MAHASOA

Hosory voasarimakirana ny tongotra alohan'ny hanao kiraro raha tiana tsy hisy fofona ho an'ny olona misy izany.

## AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany

VOA ... RA
MIH .. NGO
MA ... VA

VALIN'NY LALAO OMALY/ REHETRA + SATRIKO + MANAIKY = HERINAY

## RESAK' HEHY

Hoy ilay rangahy tamin'ilay ramatoa :
- Misy karazany telo ny vehivavy. Ny iray "Angamba", ny iray "tsia" ary ny iray "eny". Ianao izao mety ao amin'ilay "angamba" e ?
-Angamba.

## Sarisary zary tenany

*Tsy mamaky*




## Hatsikana an-tsary

*Adino*




## Masoandro Miposaka

**Lioka 5 : 3**

**"Ary niditra teo amin'ny sambokely anankiray izay an'i Simona Izy, dia nangataka taminy hihataka kely amin'ny tany. Dia nipetraka teo an-tsambokely Izy ka nampianatra ny vahoaka."**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ny amboa aza atao hoe, an'ny malala.**

On dit même d'un chien : " le chien de mon chéri".

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2887

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 5 | 1 | | | | | 4 | |
| 6 | | | 9 | | | 2 | | |
| | | | | | | 1 | | |
| | | 4 | | | | | | |
| | | | 5 | | 7 | | | |
| 1 | | 9 | | 4 | | | | 6 |
| 2 | | | | | | 8 | | |
| | 8 | 3 | | | 1 | 4 | 6 | 2 |
| | 1 | | | | | | 5 | |

Valin'ny laharana 2887

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 5 | 9 | 7 | 8 | 1 | 3 | 2 | 6 |
| 7 | 2 | 6 | 5 | 3 | 4 | 8 | 1 | 9 |
| 8 | 3 | 1 | 9 | 2 | 6 | 7 | 5 | 4 |
| 3 | 6 | 4 | 8 | 1 | 5 | 9 | 7 | 2 |
| 1 | 7 | 2 | 6 | 4 | 9 | 5 | 8 | 3 |
| 5 | 9 | 8 | 3 | 7 | 2 | 4 | 6 | 1 |
| 6 | 1 | 3 | 4 | 5 | 8 | 2 | 9 | 7 |
| 2 | 4 | 5 | 1 | 9 | 7 | 6 | 3 | 8 |
| 9 | 8 | 7 | 2 | 6 | 3 | 1 | 4 | 5 |

Raharaha JIRAMA

# Mpiasa 36 hiatrika fanadihadiana lalina eny amin'ny PAC

Tantara mitohy ny mikasika ilay raharaha fizarana tambin-kasasarana, na "prime" mihoa-pampana teo anivon'ny orinasa JIRAMA tamin'ny volana aprily taona 2021. Raha tsy misy ny fiovana amin'ny ora farany, dia hifandimby hiakatra eny PAC, indray ireo tomponandraikitra 36 voasaringotra tamin'izany raharaha izany manomboka anio. Nahazoam-baovao tamin'izany, fa hiatrika fanadihadiana lalina eny amin'io rafipitsarana misahana ny ady amin'ny Kolikoly io ireo mpiasa ireo mandritra izany. Raha tsiahivina, efa niakatra fampanoavana teny amin'ny PAC ity raharaha ity tamin'ny 28 novambra 2022 ka taorian'ny fihainoana ireo 36 mianadahy dia nisy tale telo nampidirina am-ponja vonjimaika. Tsy namaly ny fiantsoana azy kosa ny Tale Jeneraly teo aloha, Vonjy Andriamanga sy ny talen'ny kabinetra Onja Rasamimanana ary ny tale Jeneraly Rivo Radanielina nandritra izany ka namoahana didy fampisaborana, izay mbola tsy nahazoam-baovao hatramin'ny omaly. Marihana fa ankoatra ny fandraisana tambin-karama mihoa-pampana dia isan'ny vesatra niapangana ireo mpiasa 36 eo anivon'ny JIRAMA ireo ny raharaha ara-bola tsy mazava teo anelanelan'ny taona 2018 sy 2021.

**Mamy R.**

Filankevitry ny Minisitra

# Governoram-paritra telo nesorina

Fanapahan-kevitra maro no noraisina nandritra ny Filankevitry ny minisitra omaly. Tafiditra ao anatin' izany ny fanendrena mpiasam-panjakana ambony. Teo anivon'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjarampahefana, dia nesorina tamin'ny toerany ireo Governoram-paritra telo, dia ny ao Amoron'i Mania Rtoa Mamiarisoa Aline Radaloson, ny ao Ihorombe Rtoa Sareine Nomenjanahary ary ny tao DIANA Atoa Daodo Arona Marisiky. Nofenoina kosa ny banga ho an'ny faritra tsy nanana izany teo aloha, dia ny ao Alaotra Mangoro. Araka izany, notendrena ho Governora ao amin'ny faritra Amoron'i Mania, Rtoa Fomendraza Haingo Elisette. Governora vaovao ho an'ny faritra Ihorombe ny Dr Ramananjarasoa Clarisse Eugénie. Atoa Rakotomanga Taciano kosa no voatendry Governora ao amin'ny faritr'i DIANA. Ho an'ny faritra Alaotra Mangoro, dia ny Dr Ramarosandratana Guy no voatendry Governora.

**JUDD**

Minisiteran'ny Asa Vaventy

# Tontosa omaly ny famindram-pitantanana teo amin'ny minisitra nifandimby



**Ny minisitry ny Asa Vaventy roa nifandimby.**

Tanteraka tao anatin'ny firahalahiana ny famindram-pitantanana teo amin'ny minisitry ny Asa Vaventy teo aloha, Hatrefindrazana Jerry sy ny minisitra vaovao, ny kôlônely Andrianatrehana Andriamihaja. Itsy voalohany izay nanomboka ny fandraisam-pitenenany tamin'ny fampahafantarana fa ny 27 desambra no tafapetraka ny fametraham-pialàny, noho ny antony manokana ary neken'ny Filoham-pirenena. Taorian' izay dia nitso-drano ny nandimby azy hahatontosa an-tsakany sy an-davany ny fanamboarana ny lalam-pirenena rehetra simba, noho izy ireny avokavoky ny toe-karena. Maro ny asa vita, hoy ny minisitra teo aloha ary misy ihany koa ny eo an-dalam-pahatanterahana. Misy ihany koa ny an-dalam-pahatanterahana ka anisan'izany ny RN-13, ny RN-6, ny RN-12A. Betsaka ihany koa, hoy izy ny asa mbola miandry. Mahakasika ny "autoroute" manokana dia efa mandeha araka ny tokony ho izy ny asa ary voasoratra ao anatin'ny lalànan'ny fitantanambolam-panjakana ny fandaniana hanombohana ny asa. Ny minisitra vaovao kosa raha nandray fitenenana dia nanamarika fa tsapany ny andraikitra makadiry miandry azy, saingy miaramila ny tenany ka tsy hiamboho adidy ary ho an' ny tanindrazana. Ankoatry ny fangatahany tolo-tanana amin'ny teknisiana sy ny mpiasa, amin'ny ankapobeny dia nanamarika ny tenany fa tsy hihambahamba hanelingelina ny minisitra Hatrefindrazana, noho ny traikafan'itsy farany.

**V.R.**

## Marina izany !

### Vaky ny ady !

**Misamboaravoara ny raharaham-pirenena tato ho ato. Andaniny, ny mpanohitra raha tokony hamondrona ny hery, mba ho arofanina amin'izay mety ho fanaparampahefana na tsy fanajana lalàna ataon'ny mpitondra dia tsy izany no mitranga fa misamatsamaka ny hevitra. Tsy vitan'izany fa tsy mipetraka tanteraka ny fifampitokisana, asa noho ny tombontsoa samy manana ny azy ve, sa noho ny antony hafa. Ankilany, tsy latsa-danja noho izany ny mpanohana ny fanjakana izay efa volana maromaro izao no tsikaritra ho mifanipaka toy ny valala an-karona. Ary ny mahavalalanina dia tsy mijanona any an-dapa na any amin'ny minisitera sy birao samihafa any ny fifanoherankevitra fa matetika mivoaka eny amin'ny tambajotra sôsialy. Vao tsy ela akory ohatra no nisy olom-boafidy nangataka ny fialàn'ny mpikambana ao amin'ny governemanta, eny an-dalambe na amin'ny alalan'ny fanambarana imasom-bahoaka. Fanapahan-kevitra heverina fa tokony ifampiresahan'ny samy mpomba ny fanjakana any anaty efitrano any. Tsy vitan'izany fa zary lasa fomba fanao tato ho ato ny manaparitaka horonam-peo, eny amin'ny tambajotra sôsialy hanapotehana ny hafa mba ahatongavana amin'ny tanjona. Nanomboka omaly dia niparitaka teny amin'ny « facebook » indray ny horonam-peo mirakitra resaka ifanaovan'olon-droa, mahakasika raharaham-pirenena izay tokony nijanona ho tsiambaratelo. Inona no tanjona, iza no manana tombontsoa nanaparitaka ny feo ? Tsy niandry ela taorian'izay dia nivoaka tamin'ny tambajotra sôsialy ihany koa ny valinkafatra, an-tsoratra avy amin'ny manamboninahitra jeneraly, setrin'ilay horonam-peo naparitaka izay mahakasika manamboninahitra jeneraly ihany koa! Tranga manomboka mampatahotra sy mampiahiahy!**

Voahangy Rakotozafy

Minisitra vao notendrena

# Nisesy nanolotra ny fandaharan'asany tamin'ny Filoham-pirenena

Niatrika ny Filankevitry ny minisitra voalohany sady nampahafantarina ny vahoaka malagasy omaly teny amin'ny lapan' Iavoloha ireo minisitra valo vao notendrena farany teo. Ankoatra filazana ny mombamomba azy tsirairay avy, dia nisesy nanolotra ny fandaharan'asany tamin'ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina izy ireo. Ireo tetikasa hotanterahina mandritra ny volana vitsivitsy handraisany andraikitra eto amin'ny firenena no novelabelarin'izy ireo nandritra ny minitra vitsy. Nohararaotin'ny Filoha Andry Rajoelina ny nanome toromarika ireto tomponandraikitra vaovao vao nahazo toerana ireto. Tafiditra ao anatin'izany resaka fitondran-tena, ny fomba fiasa hanatanterahana ny vina napetraky ny fitondram-panjakana. « *Adidy masina ny asa maha minisitra. Tsy olom-pirenena tsotra ny minisitra fa manana andraikitra ka mitaky fitondran-tena mendrika, indrindra ny fanatanterahana ny velirano ary mila vokatra azo tsapain-tanana isika* », hoy ny Filoham-pirenena. Momba ny takaitra navelan'ny rivodoza Freddy, dia hentitra ny tenany raha nilaza fa tsy maintsy mametraka fomba fiasa haingana, mitondra fanarenana sy fanampiana ho an'ireo niharam-boina ny minisitra sy ny tomponandraikitra isan-tsokajiny. Nilaza moa izy fa hidina any amin'ireo toerana niaram-boina ato ho ato.

**JUDD**

**AVIS DE MODIFICATION**

Suivant Procès verbal enregistré au CF III du 16/02/2023.de F°93. N° 1239.Vol AC55 ;
Les associés de la société HY SARL ont pris les décisions suivantes:

- o Adhésion nouvel associé
- o Augmentation capital social

*Statistique* : 46101 11 2022 *NIF* : 4011916839 *RCS* 2022B00926
Le gérant,
G-CL438/1-1

**HASIN'I GASIKARA**

**Fampianarana KABARY**

Isaky ny Alahady amin'ny 2 ora. Fanombohana : 05 Martsa 2023.
Toerana : - ABC School 67 Ha
- Ecole Primaire Rasalama
Tél. : 034 44 708 63 / 034 01 214 27 / 033 07 154 23
G-CL 433/12-5

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :
Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

VALIHA

Avoakan'ny Fikambanan'ny Poety sy ny Mpanoratra Malagasy
Havàtsa-UPEM - Laharana 322 - 23 Februoary 2023

*ANDALA-NOTSONGAINA*
*Atolotr'i Vero*

(...)

Mahafanimpanina ahy ?
Resy aho ry fahoriana,
Nefa matahora ihany,
Resy aho ry fijaliana
... K'hotohofako kitay,
'zato fatana efa may !

*Célestin Andriamanantena*
*in Ritsodritsoka*

## MATOANDAHATSORATRA

### TENIN-DRENY

Dieny mbola ao am-bohoka ny zaza dia efa misy fifandraisana sahady amin'ny reniny. Efa mampiasa ny teny ilay reny eo ifankazarany amin'ny sombinainy vao torontoronina mandra-pahaterany. Rehefa teraka ilay zaza dia ampiasainy hatrany ny teny izay tsy vaovao intsony amin'ny sofin'ilay zaza, eny na dia mbola tsy mahay miteny aza izy, fa hita sy tsapa amin'ny fihetsiky ny masony sy ny tanany ny tiany holazaina. Io teny io hatrany no fitaovam-pifandraisan'ny reny sy ny zaza, ka entin'ny reny itaizana sy anabeazana ny zanany, mainka moa vao miana-miteny izy. Manana ny safidiny ny reny amin'ny teny izay tiany ampiasaina ifandraisany amin'ny zanany, ka «Andro iraisam-pirenena ho an'ny tenin-dreny» noho izany ny 21 febroary. Ho antsika eto Madagasikara dia ny teny Malagasy amin'ny ankapobeny no teny ifandraisan'ny reny amin'ny zanany. Tsy vitsy koa anefa ireo misafidy ny teny vahiny hanabeazany ny zanany. Izay no maha tenindreny azy : teny voalohany ianaran'ny zaza ka ifandraisany amin'ny ray aman-dreniny sy ny manodidina azy, teny azo antoka fa mora iampitan'ny fahalalàna sy ny fahaizana any an-tsekoly dieny garabola ny zaza. Nankalaza izany ny Havàtsa-UPEM omaly tamin'ny antsan-tononkalo amin'ny fitenim-paritra, izay tena harena tokoa ho an'i Madagasikara. Tsy nolalovam-potsiny ihany koa ny faha 105 taonan'i Célestin Andriamanantena ny 18 febroary izay nifampizarana ireo asa sorany tao amin'ny tambajotran-tserasera. Nisy ihany koa ireo nanoratra tononkalo ho azy ka nanapariaka izany. Izy moa dia efa filoha nitantana ny fikambanana. Mbola hamololona ny fankalazana satria ny 8 Mey dia feno 110 taona Régis Rajemisa Raolison, anisan'ireo 15 lahy nanorina ny UPEM no filoha voalohany nitarika ny fikambanana ny taona 1952. Feno dia feno ny fandaharam-potoana. Ny volana oktobra ihany koa, tsingerintaona faha 100 n'i Nirhy-Lanto iarahan'ny Havàtsa-UPEM amin'ny fianakaviany ka ampoizina hisy fikarakarana fifaninanana. Hamololona hatrany anie ny haisoratra zary havàtsa.

***JACYNTHE***

## DIAM-PENINA

***...Ny endrika nandalo ahy tsy tamboko hotanisaina***
***Iza anefa tamin'ireny no nihombo holalaina?...***

Izay i DOX... efa izay!

Teny atao mamaivay, toa takarina tsy takatra
Kanefa ange dia efa izay ilay sarin'ankamantatra!
Ianao: aloka niserana, moa azo avadika ho nofy?
Va ho azo ianteherana, sitrany, hono, tsy harofy?
Ô! Endrika mpanararaotra,
Mahatonga fo hitraotra,
Tsy fantatrao ny marariny
Fenjainao tsy ara-drariny,
Tia tena igagàna
Za-mandika ny lalàna.

Ianao: hatsaran-tarehy, toa tsy hita hotsiniana!
Fa ny tena mampihomehy: mody darona variana,
Hay ka mba mitopy ihany any anaty endri-malony
Ny masonao tomany tany, nampivaingana ny kalony.
Ô! Ry mpihatsaraivelantsihy
'Ndeha zorinao ny dia,
Mpanaitaitra ny filàna
Nefa olon-tsy tamàna...
Ho inonao ny fainaintainany
Angaha ianao moa no fiainany?

A! Tenina Mpikalo ihany, masiaka nefa be ronono
Tsy kilaingalainga izany, sanatria hoe "honohono",
Ny ao am-po no aparasany, hisamborany anao
Ka ny hany tena fasany? - Ny ao anatinao ao.
Hany heriny nianina
Na dia naniry anao hijanona,
Ianao irery no niavaka
Tanaty an'alina firavaka
Tsiambararoa indray indray:
Izay i DOX... efa izay!

***HAJAINA***
***13 Janoary 2023***

**GAZETY VALIHA**
**Mpanorina :**
*Célestin ANDRIAMANANTENA*
**Talen'ny famoahana :**
*Hajaina ANDRIANASOLO*
**Tonian'ny fanoratana :**
*RAINIHAROMISA Fanjanlaina*
**Tonia mpanampy**
*Itsipika RAMORAVELONA*

**Komitin'ny fanoratana :**
-RANJATOHERY Harilala
-RAZANAMPAMONJY Danielle
-RADOMANANTOANINA Tahirisoa
-RAHEZARISOA Sannie
-RASOAVEROMANANA Lala
**Foibe :** Tahala Rarihasina Analakely
**Tel.** +261 34 01 367 51
**Mailaka :** havatsa.upem@gmail.com

## BOKY BOKY BOKY

Ao anaty tolona no itsapana ny tanjaka ; ao anaty ady no isehoan'ny mahery ; eo anoloan'ny olana no ijoroan'ny manan-tsaina sy fanahy mampihodina ny fiainana. Fianarana mita eo amin'ny ankohonana sy ny manodidina ary ny mpiara-monina izany, manjary fisainana tsy azo ozongozonina, hampijoro firenena. Olona izany!

Mitanjona hivoatra fa manan-tsaina ary mitraka sy mitsinjo lavitra fa ho lehibe rahatrizay ; manatanteraka vina sy mikiry hatrany ho eo amin'izay tanjona. Tanora izany!

Ireo manantena ny anio ho tanteraka fotsiny, "Izay tanjona lavitra ezaka tsy tsinjovina intsony. Fahanterana izany."




Nandova Fanamby, orinasa, tamin-drainy i Hotiavina sy Rindra vadiny, niitatra izany niteraka ny Fanamby II sy III, adidy sy ilo mby an-doha! Nanomboka nahazo vahana anefa ny fiparitahan'ny tsimok'aretina Covid19. Nilatsaka ny didim-panjakana, tsy maintsy mihiboka ny olona. Tonga ny fahasahiranana, niseho ny tsy fahampiana, nikorosy fahana ny toe-karena ; ny reny efa antitra tezaina, ny vady mitondra rano ; reraka ny saina, nifanipaka ny hevitra, ... Ahoana ny hiatrehana sy hialana amin'izany, hiainana ampilaminana indray?

Fiatrehana izany rehetra izany sy ny valin'io fanontaniana io no entin'ny mpanoratra, Esther Rasoloarimalala Randriamamonjy, ao amin'ny boky tantara foronina Fanamby II & III, anatina pejy 188. Mety ho zendana ianao, hanontany hoe ahoana koa izany, aiza ny Fanamby I? Ho hitanao, efa novalian'ny mpanoratra izany. Raha efa namaky ny Vainafo eo an-doha, tantara foronina navoakan'ny mpanoratra talohan'izao, dia hiaina tantara mahafinaritra sy mahasarika tokoa, misy ifandraisany izy sy ny Fanamby II & III.

Boky azo entin-tanana ary vakina amin'izay rehetra aleha. Ratrema William, Mpampianatra mpikaroka, sy Hajaina ANDRIANASOLO no nanao ny teny fanolorana, raha ny Dol'Aj@Production no nanao printy sy nanonta azy. 40.000 Ar ny vidiny, hitanao eny amin'ny fivarotam-boky Md Paoly Analakely sy Espace Loisir Antaninarenina.

## VOAMBOLANA

**Fofy :** fitaovana fanaovam-bolo vita amin'ny taolana, lavalava, kely sady manify, hanoritana ny volo.
Oh.: *Tahaka ny **fofy** sisa ilay goaibe taloha.*

**Taninandro :** vola fonomezana ho fanangolena na fanambazana, kolikoly (teny fampiasa tany amin'ny fiandohan'ny taonjato faha XX).
Oh.: *« Nosainy nandoa **taninandro** $2 [ariary 2] iny takariva iny ireo kristiana nanan-draharaha. »* (Lahatenin'ny Mpitandrina J. Ratsima tao Namehana, nalaina tao amin'ny gazety boky *Ny Fiangonana sy ny Sekoly*, vol. XXXII, 15 marsa 1915, lah. 27).

**Tominjana :** sasa-dahasa.
Oh.: *Vehivavy **tominjana** kanefa sady mililoha no mivimbina fa ny tokantranon'ny tena tsy atao an'ankina.*

**Vahy :** karazan-javamaniry mandady amin'ny hazo.
Oh. : *Aza manara-**bahy** maina.*

**Nangy :** ny faritra mivohitra eo ambany sofin'ny olona.
Oh.: *Tery an-dohany tahaka ny be **nangy** miray fandriana (Ohabolana)*

**Fonentana :** olona fohy kanefa vaventy vahana.
Oh.: Lehilahy ***fonentana*** i Dadatoa.

***RANJATOHERY Harilala***

## DISO TSY AMBINA

**Miferonaina :** miferinaina no izy
Oh : ***Miferinaina** amin'ny tsy fisiam-bola i Neny.*

**Manjopika :** Manjopiaka no izy.
Oh: *Tsy ho avy ny orana, fotsy **manjopiaka** ny rahona.*

**Vontoaty :** Votoaty no izy.
Oh: *Rivo-dozo no **votoatin**'ity tononkalon'ity mpanoratra ity.*

**Maintso :** Maitso no izy
Oh: ***Maitso** ny tontolo ambanivohitra.*

## FOZA LAHY...

Fiteny rentsika matetika amin'ny kabary am-panambadiana, izany hoe amin'ny fanateram-bodiondry, ny hoe "foza lahy natakalo foza vavy". Taty aoriandriana anefa, nanomboka tamin'ny taona 2009, rehefa nanana dikany politika ny anaran'ny karazam-biby antsoina hoe "foza orana", dia nipoitra ny fomba fiteny hafa, vaovao, izay lazaina sy dradradradraina ho ny "marina": "fon-jazalahy natakalo fon-jazazavavy". Tsy vitsy amin'ny mpikabary ankehitriny, indrindra ireo zatovo sy tanora vao misandratra eo amin'ny sehatry ny fikabariana, no manitrikitrika fa ny hoe "fon-jazalahy natakalo fon-jazazavavy" tokoa no tena izy. Nanome vahana izany fiheverana izany rahateo koa ny tsy fankasitrahan'ny fianakaviana tompon-draharaha sasany ny anoharana ny zanany amin'ny foza lahy na foza vavy.

Velona sy miaina ny teny. Marina tsy isalasalana izany. Saingy tsy azo atao kosa ny mandray an-tendrony na ny mihinana amam-bolony ny fiovana misy, izay matetika toa atao amboletra amin'izao, miainga amin'ny filalaovana ilay teny eo amin'ny fanononana azy. Ilaina ny fandalinana ny fototra. Tsy azo sakanana ny fisian'ny fomba fiteny vaovao ary tena maro dia maro izy ireo, manamarika ny vanim-potoana ankehitriny. Fomba mampanankarena ny teny malagasy ny fisian'ireny fomba fiteny vaovao ireny rehefa voatandrina tsara. Tsy natao handiso ny fomba fiteny fampiasan'ny Ntaolo izay mifandraidraika aminy kosa anefa izany. Toy izany, ohatra, ity hoe "fon-jazalahy natakalo fon-jazazavavy". Misy sahy manambara ankitsirano fa "tsy hoe : Foza lahy atakalo foza vavy (Iza no hanaiky ho foza eo ?), fa hoe : Fon-jazalahy atakalo fon-jazavavy (Ilay fon'i zazalahy sy zazavavy no atakalo e)" (Jafetrason Randria – kaonty fasibokiny – 17 desambra 2021). Tena "foza lahy" sy "foza vavy" anefa no teny nampiasain'ny Ntaolo fa fanovana na fanitaran-kevitra tamin'izao androntsika izao ny anaovana azy hoe "fon-jazalahy" sy "fon-jazavavy".

Ny fanovozana an-doharano no lalana azo antoka indrindra hahitana ny fototra. Fomba fiteny nentin'ny Ntaolo nilazana ny tovovavy mavozo, marefo (ara-batana/fahasalamana) ny hoe "foza malemy", ary antony nananarana ny zatovolahy tamin'izany fotoana izany mba hitandrina tsara amin'ny fifidianana izay ho vady mba tsy ho sendra ny olona "tsy faka taranaka", araka ny nilazana azy tamin'ny fotoan'andro, noho io antony ara-batana io (tovovavy misy aretina mitaiza, ohatra). Indreto koa misy ohabolana roa atolotra antsika: " foza kely an-davaka : alorina tsy azo, topazan-drano tsy mety mivoaka, fa ao anaty lavaka ihany no manaingainga tanana", "foza halahala, tsy an-davaka tsy am-bolonkotona". Samy ilazana ny fanaon'ny tovovavy sasantsany ireo. Indraindray, fihetsika mahazatra ny tovovavy ny mampifilafila ny tovolahy misary zoro aminy ka mody mihataka izy kanefa manao izay hisarihana ilay tovolahy hatrany. Izay no hevitra fonosin'ny hoe "foza kely an-davaka : alorina tsy azo, topazan-drano tsy mety mivoaka, fa ao anaty lavaka ihany no manaingainga tanana". Ny tovovavy tia misehoseho etsy eroa mba ho hitan'ny tovolahy kosa no tondroina amin'ny hoe "foza halahala, tsy an-davaka tsy am-bolonkotona". Fomba fiteny sy ohabolana tany an-dohan'ny taonjato faha XIX avokoa ireo, hita amin'ireo bokin'ohabolana tranainy. Noho izany, tena ny teny hoe "foza" no nampiasain'ny Ntaolo fa tsy "fo". Fomba fiteny fototra nampiasain'ny Ntaolo ny hoe "takalom-poza lahy foza vavy : amoizan-java-tsy foy hananan-tiana". Io fomba fiteny io no nikisaka tsikelikely sy nifintina nanjary hoe "foza lahy natakalo foza vavy". Fampitovian-danja, tsy fanaovana mizana tsindrina ila amin'ny fiheverana sy ny fifampitondrana amin'ireo zanaka manorin-tokatrano ireo no hevitr'izany. Izany hoe ho an'ny fianakavian'ny zatovovavy, dia horaisina ho isan-janaka mihitsy ilay zatovolahy, ka antsoina hoe "zanaka" fa tsy "vinanto", araka ny tenin'Andriamanelo tamin-dRabiby ho rafozany raha tonga nangataka an-dRamaitsoanala izy (P. Callet, 1908). Ary toy izany koa ny zatovolahy any amin'ny fianakavian'ny zatovovavy. Ny fototra iorenan'izany fitoviandanja izany dia ny tsy fahalalana ny hoe iza amin'ny foza no lahy ary iza no vavy. Tsy fantatry ny maso amin'izao izany, fa mitovy ny fahitana ireo biby ireo. Anterina àry: tena "foza lahy" sy "foza vavy" no teny nampiasain'ny Ntaolo. Trafonkena ome-mahery, am-bava homana...

***RANJATOHERY Harilala***
***Mpikambana Mahefa ao amin'ny Akademia Malagasy***

## DIAM-PENINA

### VITA DIA ATSIKA IŇY

Vita dia moa atsika iňy. Nahalany vatsy maro,
Nahalafo tomboay araiky ndreky vary maro an-daba.
Ravoravo ny an-tanàňa, mandiňy aňy ery Baba,
Niny ao mimoehimoehy, maňiry mafy ty hihiaro.

Vita dia moa atsika iňy, ke hôdy fô mahatsiaro,
Voatôhaňa tsy angomaňa, karaha ôraňa miraba.
Aňy edy zareo zay — Dady ao afa ty hiarahaba
Haňala ny aretiňy nizôhy: hangoma tsisy laro.

Vita dia moa atsika iňy, ino eky ny raha hindesiňy
Talan-dōha ambony avay moa fivoaraňa avy pôsotro,
sa mikasa haňanteňa ke ny an-taňaňa navôtsotro?!

Vita dia moa atsika iňy, ke laňiny aiza koa rifesiňy;
Aka-tanety, tsaka rano ndreky titezaňa voadika;
Avy an-tany nialaňa: aňy ny ôloňo mizaha atsika.

***Moraveloňo Tsipiky***
***02 desambra 2021***

## FANAZAVANA OHABOLANA

**« Entan-jozoro : bataina, tsy zaka irery ;**
**aiditra, tsy omby varavarana ;**
**ataina, tsy mahaloaka alina.»**

Zava-maniry eny an-keniheny eny ny zozoro. Lava marotsaka ny tahony, tokony ho tovotr'olona na mihoatra aza. Hoboka aty ny zozoro hany ka maivana. Atao an'entany ny zozoro rehefa alaina, izany hoe atambatra maromaro am-pehezana. Rehefa atao an'entany tahaka izany izy dia ilan-tanana ny fitondrana azy fa tsy zakan'olon-tokana. Be velarana ny entan-jozoro sady lava rahateo ka marina ara-bakiteny tokoa ny hoe "tsy omby varavarana". Tsy fampiasa ahandroan-kanina loatra ny zozoro satria mora levon'ny afo izy fa tsy mateza am-patana tahaka ny kitay hazo. Izay no ilazana azy hoe "ataina, tsy mahaloaka alina." Ny zavatra iray mandiso fanantenana no ambara amin'ity ohabolana ity. Tsy araka ny halehibeny na ny lazany ny mety ho soa azo avy aminy fa kely dia kely, tsy mahafa-po.

***RANJATOHERY Harilala***